



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'IREO FARITRA, 19-25 AOGOSITRA 2015

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

FOTOTRY NY DISADISA

Isan'ny vaovao nisongadina tato ho ato ny fihamafisan'ny fitokonan'ny mpianatr'Ankatso. Kanefa ny fifanaovan-tsonia teo amin'ny telo tonta, ny Minisiteran'ny Fampianarana ambaratonga Ambony, ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ary ny filoha nasionalin'ny SECES dia naminavinana ny famahana ny fifandroritan'ny Fanjakana sy ny mpampianatra mpikaroka. Ankoatr'izany, taorian'ny fanaovan-tsonian'ny fifanarahana, ny filohan'ny SECES dia nanambara ny fiverenan'ny asa fampianarana rehetra, mba hanalana ny ahiahin'ny mpianatra ny amin'ny hisian'ny taona fotsy eny amin'ny anjerimanontolo. Ny sendikalistan'ny SECES, taorian'ny Fivoriambe nataony farany, dia tsy nanaraka io fanambarana io sady naneho ny fitohizan'ny fitokonana. Taorian'io fanapahan-kevitra ny mpampianatra mpikaroka io, dia nanatanteraka fitokonana fanairana teo amin'ny tokontaniben'ny Oniversiten'Antananarivo ny mpianatra ny 21 aogositra, mba hampitandremana ny tompon'andraikitra isan'ambaratongany handray ny fepetra ilaina amin'ny fiverenan'ny fampianarana, raha tsy izany dia hihamafy ny hetsik'izy ireo. Noho izany, dia notanterahina ny fandrahonana ny 24 aogositra, satria nanjary seha-pifandonana teo amin'ny mpitandro filaminana sy ny mpianatra eny amin'ny Oniversite indray ny toeram-piantsonana eny Ankatso. Vokany : fahasimban-javatra ary mpianatra iray no nosamborina. Manoloana io toe-java-misy io, ny filohan'ny SECES sampana Antananarivo dia nanambara fa ny fiverenan'ny fampianarana dia miankina amin'ny fisian'ny fivoriambe hafa ny 27 sy 28 aogositra ho avy izao. Raha nirona tamin'ny fanasongadinana ireo fepetra noraisin'ny minisiteran'ny Fampianarana ambaratonga Ambony ny **TVM** mba hanamaivanana ny fifanolanana ary naneho ny fiandany tamin'ny tsy nanomezany fitenenana afa-tsy ny

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



tompon'andraiki-panjakana, ireo haino aman-jery tsy miankina kosa dia nanao teny fanairana mikasika ny fampianarana ambaratonga ambony. Arak'izany, ny mpanao gazety ao amin'ny **KOLO TV** sy **TV PLUS** dia namoaka ny mety hisian'ny taona fotsy raha tsy miverina ny asa fampianarana mandra-pahatongan'ity faran'ny volana ity. Torak' izany koa ny tao amin'ny **VIVA TV**, **FREE FM** ary **ANTSIVA**, ka ireto farany dia nanasongadina ny lafy ratsy, eny mampahatahotra aza, amin'ny trangan-javatra, indrindra fa ny nandefasany ireo sary notsongaina manokana tamin'ny herisetran'ny fifandonana, nanambara aza izy ireo fa tsy mbola nisy vahaolana hitan'ny minisiteran'ny Fampianarana ambaratonga Ambony mba hampitsaharana ireo fitokonana lavareny.

Ny mpiasan'ny JIRAMA Fianarantsoa sy Mahajanga dia niditra tamin'ny hetsik'ireo mpitokona avy eto an-drenivohitra, tamin'ny alalan'ny fitokonana, ny fitondrana sora-baventy ary ny fanakatonana ireo masoivohon'ity orinasam-panjakana ity. Teto Antananarivo, dia tsy nahomby ny fikasana hanapaka ny jiro sy ranon'ireo minisitera mpiahy anankitelo, nametraka paikady vaovao ny komity mpitarika ny fitokonana, ka nanapa-kevitra ny hamoaka ho fantabahoaka ny anaran'ireo fitondran-draharaha sy andrim-panjakana tsy nahaloha trosa. Tamin'izany, ny Filoham-panjakana dia nivoaka tamin'ny fahanginany tamin'ny fiverenany avy any amin'ny Fihaonamben'ny SADC ka nanambara fa tsy tokony ho afangaro ny fitakiana sendikaly sy ny raharaha politika. Ary nosoritany ny fanampiana omen'ny Fanjakana ny orinasa JIRAMA hatramin'izay, noho izany dia tsy tokony hisy intsony ny fitakiana ataon'ireo sendikalista. Raha tsy nandefa vaovao mikasika io fototry ny disadisa io mihitsy ny **TVM** sy ny **RNM**, ny haino aman-jery **VIVA TV** sy **FREE FM** kosa dia nirona tamin'ny fanamafisana ny disadisa, indrindra tamin'ny fanasongadinana ny fiantraikan'ny hetsika eo amin'ny lafiny sosialy sy toekarena eto amin'ny Firenena, na niampanga manokana ny fitondrana misy ankehitriny ho « mpitantana tsy mahay sy mpanelanelana tsy misy ilàna azy ». Amin'izy ireo, ny haino aman-jery **MATV**, **TV PLUS**, **KOLO TV** ary **ANTSIVA** dia nijery io fototry ny disadisa io tamin'ny fomba tsy mitanila, ka nanome fitenenana ireo mpifanandrina isan-karazany.

FILAZA TSY MENDRIKA

Taorian'ny fanambaran'ny CENI-T ny vokatra vonjimaikan'ny fifidianana kaominaly ho an'ny kaominina ambonivohitr'Antananarivo, ny kandida Lalatiana Rakotondrazafy dia nanohy nampielany ny teny manivaiva ny mpifanandrina aminy Lalao Ravalomanana, ary koa ny fitantanana ny raharham-pifidianana sy ny fitondrana misy ankehitriny, na tao amin'ny **radio ANTSIVA** na tao amin'ny fandaharana **Anao ny Fitenenana** ao amin'ny **FREE FM**.



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Arak'izany, i Lalatiana Rakotondrazafy dia nanambara fa ny fandresena vonjimaika azon'i Lalao Ravalomanana ho mpitarika ny tanànan'Antananarivo dia « *efa voaoman' »* ny CENI-T, raha nanaiky ny fampidirana ny teny hoe « *Neny* » tao amin'ny bileta tokana. Ankoatr'izany, dia nanambara ihany koa izy fa i « *Lalao Ravalomanana dia natosiky ny CENI-T sy ny Mpanatanteraka ho eo amin'ny fitarihana ny CUA, singanina manokana ny Filohan'ny Repoblika* ». Ary mbola nampiany hoe « *satria tsy manana fahaiza-manao hitantana ny kaominina izy, dia azo antoka fa ny vadiny no mbola hitana ny fahefana* ». Mbola resaka fifidianana ihany, ny HVM dia niharan'ny fiampangana manokana ho nanao hosoka nandritra ny fifidianana kaominaly farany teo, na teto an-drenivohitra izany na tany amin'ny faritra. Vokatr'izany, i Lalatiana Rakotondrazafy dia nilaza tao amin'ny fandaharana **Anao ny Fitenenana** ao amin'ny **FREE FM** fa « *ny fanohanan'ny antokon'ny filoham-pirenena ny kandida Hery Rafalimanana dia tsy inona fa hafetsifetsena mba hahafahan'ny CENI-T, ny TIM ary ny HVM, izay mpiray tsikombakomba, hanao hosoka lehibe* ». Ireo voafidy tao amin'ny distrikan'i Marolambo dia nampielly ireo tsaho entina hanalam-baraka ny antoko HVM, tamin'ny alalan'ny haino aman-jery **VIVA**, izay milaza fa ity farany no fototry ny hosoka hikendrena ny fanatsimbadihana ny voka-pifidianana ho an'ny kandidany, tsy manana porofo izy amin'ny filazany izany. Miharihary fa miray tsikombakomba amin'izany tsaho izany ny mpanao gazetin'io haino aman-jery io, amin'ny filazana indrindra « *ny fifandrafindrafesana ratsy ataon'ny HVM* ». Aminy, ny **radio ANTSIVA** dia nampielly teny mikendry ny hanalam-baraka ny mpitandro filaminana amin'ny filazana fa « *nambanana fitaovam-piadiana ny mponina ao amin'ny kaominina Belo-sur-Tsiribihina ny andron'ny fifidianana satria tokony ho avadika ny biletam-pifidianana* ».

Isan'ny nahazo tsikera sy filaza tsy mendrika ihany koa ny Vondrona iraisam-pirenena, indrindra hatramin'ny namarotana ny ivontoeram-pamokarana herinaratra ao Mandroseza tamin'ny orinasa amerikana Symbion Power. Amin'izany fomba fijery izany, dia noheverin'ny **radio ANTSIVA** ho toy fitsabahan'ny Vondrona iraisam-pirenena izany ka namoahany filaza mivaiva toy ny : « *ny Vondrona iraisam-pirenena dia manery ny Fanjakana malagasy mba tsy hivarotra na hamokatra jiro sy rano* ». Ny Frantsay sy ny Amerikana dia nampangaina ho mpanao ampihimamba ny harena voajanahary malagasy mihitsy. Vokatr'izany, ny haino aman-jery dia manao safelinteny fa ireto farany dia maminavina ny « *hibodo samirery ny solitany eto amin'ny Nosy, toy ny ataony any Siria, Iraka ary Libia ankehitriny* ». Ny filaza mirona amin'ny fanalam-baraka ny Vondrona iraisam-pirenena dia nambaran'i Lalatiana Rakotondrazafy nandritra ny fandaharana momba ny adihevitra politika tao amin'ny **TV PLUS** manao hoe: « *Fa isika ve dondrona kokoa noho ireo Burkinabé ohatra?Ka hanaiky ny holazaina ho vendrana* ».

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



koko a noho ireo Burkinabé ve ny Malagasy? ”. Manoloana ireo filaza ireo, ny mpanao gazety tao amin’ny fandaharana dia tsy namaly ary nipetraka ho toy ny mpitazana fotsiny ihany.

Leader du Consortium

Membres du Consortium



Ce projet est financé par l'Union européenne